



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

I KRISTY SY IREO FIANGONANA 7 TANY ASIA MINORA
– LE CHRIST ET LES 7 EGLISES D’ASIE MINEURE

Alatsinainy 20 jolay 2020
Lundi 20 juillet 2020

NY AMIN’NY FIANGONANA TAO EFESOSY SY SMYRNA (Apôk. 2, 1-11)
– CONCERNANT LES EGLISES D’EPHESE ET DE SMYRNE (Apoc. 2, 1-11)

Amin’ny Anaran’Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin’Andriamanitra – Parole de Dieu : Ry havana ,hoy ny Tenin’Andriamanitra amintsika – *Chers frères et sœurs, la Parole de Dieu nous dit ceci (Apôk. 2, 7) :*
Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana - *Que celui qui a des oreilles écoute ce que l'Esprit dit aux Eglises*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY : Aoka hiaraka hivavaka isika rehetra – *Prions ensemble :*

Teny fampidirana – Introduction : Ry havana – *Chers frères et sœurs :*

Hira (Chant) chorale : Mialoha izany anefa dia andeha isika, ry havana, hihaino hira chorale iray – *Chers frères et sœurs, écoutons un chant chorale : Isaky ny fifaliana (CU 2012).*

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Apôk. 2, 1-3 :

1 Soraty ho amin'ny anjelin'ny fiangonana any Efesosy : « Izao no lazain'ilay mihazona ny kintana fito eny an-Tanany ankavanana sady mandeha eo afovoan'ny fanaovan-jiro volamena fito : 2 'Fantatro ny asanao sy ny fikelezanao aina sy ny faharetanao ary ny tsi-fahazakanao izay mpanao ratsy. Ary ianao efa nizaha toetra izay milaza ny tenany ho Apostoly kanjo tsy izy ary hitanao fa mpandainga izy. 3 Ary manana faharetana ianao ka niaritra noho ny Anarako sady tsy reraka.

1 Ecris à l'ange de l'Eglise d'Ephèse : « Voici ce que dit celui qui tient les sept étoiles dans sa main droite, celui qui marche au milieu des sept chandeliers d'or : 2 'Je connais tes œuvres, ton travail et ta persévérance. Je sais que tu ne peux pas supporter les méchants. Tu as mis à l'épreuve ceux qui se prétendent apôtres sans l'être, et tu les as trouvés menteurs. 3 Oui, tu as de la persévérance, tu as souffert à cause de mon Nom et tu ne t'es pas lassé.

Fanamarihana 1 : – Commentaires 1 : Izay hitan'ny Tompo – Ce que le Seigneur voit :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonantsika mba - *pour notre foyer pour que :*
- ho an'ny Fiangonana mba – *pour l'Eglise pour que :*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ô, ny fahefan'ny Teninao no ataovy mamaritra ny fiainanay, mba tsy ho anarana fotsiny no iantsoana anay ho kristiana fa mba ho tena fiainanay izany. Afaho amin'izay mangeja anay izahay mba hahazoanay miaina araka ny Sitraponao, fa ny Teninao dia mampianatra anay fa « raha ny Zanaka no hahafaka anareo dia ho afaka tokoa ianareo » (Jao. 8, 36) – *Dieu Père, Fils et Saint-Esprit, fais agir dans notre vie la puissance de ta Parole, pour que nous ne portions pas seulement le nom de chrétiens mais que cela soit une réalité dans notre vie. Libère-nous de ce qui nous accable afin que nous puissions vivre selon ta Volonté, selon ta Parole qui nous dit que « si donc le Fils vous libère, vous serez réellement libres » (Jn 8, 36).*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tomponay, amen ! – *Au Nom de notre Seigneur Jésus-Christ, amen !*

Hira (Cantique) 593, 1-2 : Ry Jeso ô, Mpanjakanay :

1. Ry Jeso ô, Mpanjakanay, hadinonao va izahay,
No tsy omenao faingana ny rano mahavelona ?
2. He, maina sy mangetana sy ivesarana entana,
Ka mampiferin'aina anay ny efitra onenanay.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Apôk. 2, 4-7 :

4 Kanefa manan-teny aminao Aho, satria efa niala tamin'ny fitiavana voalohany ianao. 5 Koa tsarovy izay nitoeranao fony tsy mbola lavo, dia mibebaha, ka manaova ny asa voalohany. Fa raha tsy izany, dia ho avy aminao Aho ka hamindra ny fanaovan-jironao hiala amin'ny fitoerany raha tsy mibebaka ianao. 6 Kanefa izao no toetranao : halanao ny asan'ny Nikolaita, izay halako koa'. 7 Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana. Izay maharesy dia havelako hihinana ny avy amin'ny hazon'aina, izay eo amin'ny Paradisan'Andriamanitra ».

4 Mais ce que J'ai contre toi, c'est que tu as abandonné ton premier amour. 5 Souviens-toi donc d'où tu es tombé, repens-toi et pratique tes premières œuvres. Sinon, Je

viendrai [bientôt] à toi et J'enlèverai ton chandelier de sa place, à moins que tu ne changes d'attitude. 6 Cependant, tu as ceci pour toi : tu détestes les œuvres des Nicolaïtes, tout comme Je les déteste, Moi aussi'. 7 Que celui qui a des oreilles écoute ce que l'Esprit dit aux Eglises. Au vainqueur, Je donnerai à manger du fruit de l'arbre de vie, qui est dans le paradis de Dieu ».

Fanamarihana 2 : – Commentaires 2 : Ny hafatra : « mibebaha » - Le message : « repens-toi » :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ireo sahirana mba - *pour ceux qui sont dans des difficultés pour que :*
- ho an'ny kristiana mba – *pour les chrétiens pour que :*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

*Andriamanitra Tompo ô, ampianaro ny lalanao izahay. Omeo anay ny hianatra hiaramitondra zioga amin'i Kristy mba hahazoanay miara-mamindra Aminy. Kasiho ny fonay mba hiverenanay eo Aminao ka hialanay amin'ny fahazaran-dratsinay sy ny lova ratsy napetraka taminay – *Seigneur notre Dieu, apprends-nous ton chemin. Accorde-nous d'apprendre à porter le même joug que le Christ pour que nous puissions avancer avec Lui. Touche nos cœurs pour que nous retournions vers Toi et que nous abandonnions nos habitudes que Tu n'agrées pas amis également les mauvais héritages qu'on a mis sur nous.**

*Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay nitsangana tamin'ny maty ka efa « nomena[o] ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany », no anaovanay izany vavaka izany. Amen ! – *C'est au Nom de Jésus-Christ, le Ressuscité, à qui Tu as donné « tout pouvoir dans le ciel et sur la terre » que nous faisons cette prière. Amen !**

Hira (Cantique) 649 (feony 2), 1-2 : Ry mino, miambena re :

1. Ry mino, miambena re, fa manam-pahavalo be
I Jesosy no arahonao, hitarika anao.
Ezahonao ny dianao, ny satro-boninahitrao
Miandry ao aloha ao, Ka mba tratraronao !
Mba mivavaha, ry havako, ka miomàna ao am-po.
Andeha izao ilaozinao ny zavatra ho lo !
2. Alao ny fiadiana omen'Andriamanitra,
Ny Fahamarinana alao mba hisikinanao.
Hazony ny finoana, ampinga hanohanana.
Ny Tenin'Andriamanitra no tena sabatra.
Ny Famonjena raisonao ho fiarovan-dohananao
Ireny no hanoheranao ny ratsy ao am-po.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Apôk. 2, 8-9 :

8 Ary soraty ho amin'ny anjelin'ny fiangonana any Smyrna : « Izaon'ny lazain'ny Voalohany sy ny Farany, izay efa maty, nefa velona indray : 9 'Fantatro ny fahorianao sy ny fahantranao (nefa manan-karena ianao), ary ny fitenenan-dratsy ataon'izay milaza ny tenany ho Jiosy, kanjo tsy izy, fa synagogan'i Satana.

8 Ecris à l'ange de l'Eglise de Smyrne : « Voici ce que dit le premier et le dernier, celui qui était mort et qui est revenu à la vie : 9 'Je connais [tes œuvres] ta détresse et ta pauvreté - et pourtant tu es riche - ainsi que les calomnies de ceux qui se disent juifs et ne le sont pas mais qui sont une synagogue de Satan.

Fanamarihana 3 : – Commentaires 3 : Izay hitan'ny Tompo – Ce que le Seigneur voit :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mpitondra antsika mba – *pour nos dirigeants pour que :*
- ho an'ireo mpitandrina mba – *pour les pasteurs pour que :*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Tompo ô, raha ekenay ny Asanao dia ho tombony ho anay mandrakariva ny firaisana Aminao. Ampianaro ny fonay izany, Tompo ô, satria izahay indraindray dia mihevitra ny Asanao ho adidy mavesatra, mampi-te hitsoaka indrindra raha sendra tafio-drivotra na tratry ny hakiviana, kanjo tombom-pitiavana avy Aminao izany. Amin'izay iainanay zanakao izany Asanao izany, dia omeo anay ny hitandrina ny ondrinao araka ny Sitraponao – *Seigneur, si nous acceptons ton œuvre dans notre vie, alors nous vivrons la communion avec Toi comme un avantage. Apprends cela à nos cœurs, Seigneur, parce que, parfois, nous pensons que ta mission est trop dure à vivre et parfois nous sommes tentés d'abandonner à cause des épreuves ou de la lassitude, alors que ce sont des pluies d'expressions d'amour venant de Toi. Quand nous, tes enfants, réalisons la mission que Tu nous as confiée, donne-nous de veiller à tes brebis selon ta Volonté.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Zanakao Lahitokana, Mpamonjy anay, no angatahanay izany Aminao, amen ! – *C'est au Nom de ton Fils unique, Jésus-Christ, notre Sauveur que nous Te demandons cela, amen !*

Hira (Cantique) 555 (= feo – melodie - hira 385 : Ny Mpamonjy be fitia), 1-2 sy (et) 4 :

Rahoviana no ho lany :

1. Rahoviana no ho lany
Ny manjo aty an-tany
I Jeso Vatolampiko :
Ampy hiankinako.
2. Mahereza, ry fanahy,
Aza manana ahiahy,
I Jeso itokiako
Hampionona ny fo.
4. Mino aho, ry Mpamonjy,
Fa ho tena voavonjy,

Afakao ny heloko :
Ianao isaorako.

FIZARANA 4 – PARTIE 4

Teksta 4 – Texte 4 : Apôk. 2, 10-11 :

10 Aza matahotra izay efa hiaretanao. Indro, ny devoly efa hanao ny sasany aminareo ao an-trano-maizina mba ho voazaha toetra ianareo, ary hanam-pahoriana hafoloana. Aoka ho mahatoky hatramin'ny fahafatesana ianao, dia homeko anao ny satro-boninahitra fiainana.

11 Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana. Izay maharesy dia tsy hosimban'ny fahafatesana faharoa.

10 Ne redoute pas ce que tu vas souffrir. Voici, le diable va jeter quelques-uns d'entre vous en prison afin que vous soyez mis à l'épreuve, et vous aurez dix jours de détresse. Sois fidèle jusqu'à la mort et Je te donnerai la couronne de vie'. 11 Que celui qui a des oreilles écoute ce que l'Esprit dit aux Eglises: Le vainqueur n'aura pas à souffrir de la seconde mort ».

Fanamarihana 4 : – Commentaires 4 : Ny hafatra : « Aoka ho mahatoky hatramin'ny fahafatesana ianao » - Le message : « Sois fidèle jusqu'à la mort » :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mpitondra antsika mba – *pour nos dirigeants pour que :*
- ho an'ireo mpitandrina mba – *pour les pasteurs pour que :*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Tompo ô, raha ekenay ny Asanao dia ho tombony ho anay mandrakariva ny firaisana Aminao. Ampianaro ny fonay izany, Tompo ô, satria izahay indraindray dia mihevitra ny Asanao ho adidy mavesatra, mampi-te hitsoaka indrindra raha sendra tafio-drivotra na tratry ny hakiviana, kanjo tombom-pitiavana avy Aminao izany. Amin'izay iainanay zanakao izany Asanao izany, dia omeo anay ny hitandrina ny ondrinao araka ny Sitraponao – *Seigneur, si nous acceptons ton œuvre dans notre vie, alors nous vivrons la communion avec Toi comme un avantage. Apprends cela à nos cœurs, Seigneur, parce que, parfois, nous pensons que ta mission est trop dure à vivre et parfois nous sommes tentés d'abandonner à cause des épreuves ou de la lassitude, alors que ce sont des pluies d'expressions d'amour venant de Toi. Quand nous, tes enfants, réalisons la mission que Tu nous as confiée, donne-nous de veiller à tes brebis selon ta Volonté.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Zanakao Lahitokana, Mpamonjy anay, no angatahanay izany Aminao, amen ! – *C'est au Nom de ton Fils unique, Jésus-Christ, notre Sauveur que nous Te demandons cela, amen !*

Hira (Cantique) 674, 1 sy 3 : Ry mpivahiny reraka sy ana :

1. Ry mpivahiny reraka sy ana, herezonao ny dia, fa iry
Ny lapa soan'ny fanantenana ka aza mba mamoy fo ety,
Fa vetivety ianao no eto dia tapitra ny alahelonao,

- Ka dia mba ononinao ny sento ;,: fa mihafohy ny alehanao ;,:.
3. Mangoraka anao izao ny fony, ny Tena aman-dRany vatsinao.
Ka aza mba mihemotra intsony fa ampy ho anao i Jesosinao.
Ka raiso ny finoana ho ampinga, ny Teny masina ho sabatra,
Ny Fahamarinana mba hahakinga, ;,: ny Fitiavana hanandratra ;,:

FANDRAVONANA SY FAMPAHEREZANA – CONCLUSION ET EXHORTATION :

Teksta – Texte : 2 Tim. 4, 1-8 :

1 Eo anatrehan'Andriamanitra sy i Kristy Jesosy, izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny amin'ny fisehoany sy ny fanjakany, no ananarako anao mafy : 2 « mitoria ny teny, mazotoa, na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana, mandrese lahatra, mamporisaha, mananara mafy amin'ny fahari-po sy ny fampianarana rehetra. 3 Fa ho avy ny andro izay tsy hahazakan'ny olona ny fampianarana tsy misy kilema fa hangidihidy sofina izy, dia hamory mpampianatra ho azy araka ny filany 4 ary hampiala ny sofiny amin'ny teny marina tokoa izy ka hivily ho amin'ny anganongano. 5 Fa ianao kosa : mahonona tena amin'ny zavatra rehetra, miareta fahoriana, ataovy ny asan'ny evanjelista, tanteraho ny fanompoanao.

1 [C'est pourquoi] je t'en supplie, devant Dieu et devant [le Seigneur] Jésus-Christ qui doit juger les vivants et les morts au moment de sa venue et de son règne: 2 prêche la parole, insiste en toute occasion, qu'elle soit favorable ou non, réfute, reprends et encourage. Fais tout cela avec une pleine patience et un entier souci d'instruire. 3 En effet, un temps viendra où les hommes ne supporteront pas la saine doctrine. Au contraire, ayant la démangeaison d'entendre des choses agréables, ils se donneront une foule d'enseignants conformes à leurs propres désirs. 4 Ils détourneront l'oreille de la vérité et se tourneront vers les fables. 5 Mais toi, sois sobre en tout, supporte les souffrances, accomplis la tâche d'un évangéliste, remplis bien ton ministère.

6 Fa izaho dia efa hatolotra [Na : haidina ho fanatitra aidina] sahady ary efa mby akaiky ny andro fialako. 7 Efa niady ny ady tsara aho; nahatanteraka ny fihazakazahako aho; nitahiry ny finoana aho. 8 Hatrizao dia tehirizina ho ahy ny satro-boninahitry ny fahamarinana, izay homen'ny Tompo, Mpitsara marina, ho ahy amin'izay andro izay : ary tsy ho ahy ihany, fa ho an'izay rehetra tia ny fisehoany koa.

6 Pour ma part, en effet, je suis déjà comme sacrifié et le moment de mon départ approche. 7 J'ai combattu le bon combat, j'ai terminé la course, j'ai gardé la foi. 8 Désormais, la couronne de justice m'est réservée. Le Seigneur, le juste juge, me la remettra ce jour-là, et non seulement à moi, mais aussi à tous ceux qui auront attendu avec amour sa venue.

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.

Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

Notre Père qui es aux cieux,

Que ton Nom soit sanctifié,

Que ton Règne vienne,

Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.

Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.

Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.

Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.

Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !

Hira (Chant) chorale : Andeha isika, ry havana, hihaino hira chorale iray – *Chers frères et sœurs, écoutons un chant la chorale : Hiaraka Aminy na Ilay tena mamiko (CU 2012).*

Tso-drano – Bénédiction :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !

Fanirahana - Envoi :

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.

Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !